Ny Valosoa sy fakafaka
An'hetsiny ireo fianakaviana nopotehin-dRajoelina ny fiainany 2

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Talata 4 desambra 2018 Laharana 846 Vidiny : 400 Ar
www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto

I Korintiana 11: 27 5
Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 90), 02 desambra 2018

Fifidianana filohampirenena - Fihodinana faharoa 2 8

# Manao tsy omby aloha ireo mpanohana an'i Dada N°25





## CUA 2

Mitohy foana asa fanadiovana na misy aza ny fampielezan-kevitra



## Filohan'ny CENI 3

Miantso ny kandidà sy ny mpomba azy tsy hihoapefy

## Vokatra voankazo 7

Mila jerena ihany ny jifain'ny mponina eto an-toerana

## James Ratsima sy RDS 4

Manohana ny kandida N°25 ihany koa

**Daka kely**

Basy kilalao ihany tokoa no sahaza an'ialahy ry Boaikely a !

## Boriboritany faha-5 (CUA) 6

Nizarana aron' akanjo ho an'ireo mpanadio tanàna



CUA

## Mitohy foana asa fanadiovana na misy aza ny fampielezan-kevitra

Nihaona tamin'ny ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana sy ny mpanolotsaina manokan'ny ben'ny tanànan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), Marc Ravalomana omaly maraina, ireo delegen'ny Boriboritany sy ireo lehiben'ny servisy tekinika isaky ny boriboritany enina. Afapo tamin'ny fandraisana andraikitra nataon' ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ho fanalana ny fako teto amin'ny tanànan'Antananarivo renivohitra ny ben'ny tanànan'Antananarivo Lalao Ravalomanana sy ny mpanolotsaina manokan'ny ben'ny tanàna, Marc Ravalomanana, raha nihaona mivantana tamin'izy ireo, tao amin'ny lapan'ny tanànan'Analakely, izy ireo sy ny mpiara-miasa aminy akaiky. Nisy indray ny toromarika vaovao nomen' ny mpanolotsaina manokan'ny ben'ny tanàna hoentina hanatsarana sy hamerenana indray ny hasin'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra amin'ny fahadiovan'ny tanàna, fiatrehana ny mety ho fiakaran'ny rano amin'izao fotoam-pahavaratra izao ary ny fanamboarana ny lalana feno lavadavaka eto amin'ny tanàna. Momba ny fahadiovan'ny tanàna, hitohy hatrany ny ezaka fanadiovana hoy izy na hanomboka aza ny fampielezan-kevitra anio, ary efa asan'ny fiadidiana ny tanàna isan' andro rahateo izany. Mitohy hatrany koa ny fanomezan-tanana ny kaominina ho fanalana ny fako ataony sy ny mpiara-miombon'antoka aminy, izay efa natomboka ny herinandro lasa teo iny.



**Isambilo**

Pr Harimalala Joseph

## Aza mety ho voafitaky ny mpanongam-panjakana intsony

Tsy mitsahatra hatrany ny fanehoan-kevitra manodidina ny fidirana amin'ny fihodinana faharoa amin'ny fifidianana izay ho filoham-pirenena indray hitantana an'i Madagasikara amin'ny taom-piasana manaraka io. Efa somebiseby tanteraka ny etamazaoro politika isan-karazany amin'ny fiatrehana izany fa etsy andaniny dia miseho ihany koa ny toetra ratsin'ny mpanohana ny kandida hafa. Araka izany dia ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny boikin'i Samoela voalohany toko faha 2:30 tapany farany no hitondran'i Pr Harimalala Joseph ny fanehoan-keviny, izay milaza manao hoe: "Fa izay manome voninahitra ahy no homeko voninahitra, ary izay manamavo ahy no ho afa-baraka". Araka izany dia mila mandinika tsara isika amin'izay rehetra hataon-tsika, indrindra ny fidirana ao amin'izao fidirana faharoa izao. Aza adino mantsy fa ny tenin'Andriamanitra voasoratra ao amin'ny Matio 7: 21-23 dia milaza manao hoe: "Tsy izay manao amiko hoe tompoko tompoko no hiditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra, fa izay manao ny sitrapon'ny raiko izay any an-danitra. Maro no hanao amiko amin'izany andro izany hoe : Tompoko, Tompoko, tsy efa maminay tamin'ny anaranao va izahay? Ary tsy efa namoaka demonia tamin'ny anaranao va izahay? Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: tsy mba fantatro akory hianareo hatrizay hatrizay: mialà amiko hianareo mpanao heloka". Eo anatrehan'io tenin'Andriamanitra io dia am-pitiavana no hiantsoana ireo rehetra mirehareha sy mizahozaho amin'ny fisehosehoana sy fizaran-javatra ary fanaovana asa soa an-kamehana amin'izao fifidianana fihodinana faharoa izao, kanefa ny olomboafidin'Andriamanitra sy ny fiangonana dia henjehina sy tevatevaina sy atao tsinontsinona ary rahonana sy tadiavina ho ravana! Izany ve no fanomezam-boninahitra an'Andriamanitra? Aoka tompoko mba samy handinika ny teny nambaran'ny filohan'ny HCC isika, izay mifandray amin'io tenin'Andriamanitra io, raha nilaza Andriamatoa Jean Eric Rakotoarisoa nanao hoe: ekena fa tsy mitombina. Koa aoka hianareo ankolafin'ny Mapar mba handinika sy hahay hitsara tena amin'izay ataonareo, satria tena manaraka ilay teny filamatra voizinareo tokoa ve hianareo ? Sa dia mirehareha amin'ny aramaterialy fotsiny amin'ny fisehosehoana ? Aza adino mantsy fa manafatra anareo ny tenin'Andriamanitra ao amin'ny Apok 18: 4-5 manao hoe: "Ary nahare feo iray avy any an-danitra aho nanao hoe: "Mialà aminy hianareo ry oloko, mba tsy hiombonanareo ota aminy, ary mba tsy hisy hahazo anareo ny loza manjo azy. Fa ny fahotany efa nitehika tamin'ny lanitra, ary Andriamanitra efa nahatsiaro ny ratsy nataony". Ka aoka samy handinika isika satria efa manomboka miseho ny fihatahan'ireo mpanao politika sasany eo amin'ny sehatra politika, izay fantatra fa mpiray petsapetsa taminy tany aloha sy mpanohana azy nafana fo tamin'izany, fa ireo mbola te hanohy ny ratsy fanaony sy mpiray petsapetsa aminy sisa no miantehitra aminy, satria ireo mahatsiaro tsy te hiharan'ny fahatezeran'Andriamanitra dia niala fa ireo mbola mitetika ny hamotika sy hivarotra ambongadiny an'i Madagasikara no mbola mambabo ny fon'ny marivo salosana amin'ny alalan'ny fizaran-javatra ireny. Koa aoka hisokatra ny sain-tsika rehetra satria aza adino fa raha ny fitiavam-bola sy voninahitra ary fahefana no entina hamitahana ireo vahoaka Malagasy amin' izao fihodinana faharoa izao dia ho rava ary ho fongana sy potika hianareo milaza ho zatra ady ireo, izay nampahory ny Ondrin'Andriamanitra, izay namotika ihany koa ity firenena ity, hoy ny Pr Harimalala Joseph namarana ny fanehoan-keviny. Koa aza mety ho voafitaky ny mpanongam-panjakana intsony. Nankasitrahan'ity mpandinika ity ny firohotan'ny mpanao politika tonga saina amin'ny fanohanana ny kandida laharana faha 25 amin'ny fihodinana faharoa, izay hanova tanteraka ny voka-pifidianana ny vokatr'izany.

**Lezama**

Fifidianana fihodinana faharoa

## Manomboka anio ny fampielezan-kevitra

Araka ny nambaran'ny Vaomiera mahaleotena misahana ny fifidianana na ny Ceni dia misokatra anio talata 4 desambra 2018, ka tsy hifarana raha tsy ny alatsinainy 17 desambra 2018 amin'ny 12 ora alina, ny fampielezan-kevitra ho an'ny fifidianana filohampirenena fihodinana faharoa. Izany hoe manana 14 andro eo ireo kandida 2, hifaninana ho amin'izany handresen-dahatra indray ireo mpifidy manerana ny Nosy. Raha ny fantatra dia efa lasa any Afrika atsimo ireo solontena ao amin'ny Ceni hikarakara indray ny biletà tokana ilaina amin'ity fihodinana faharoa ity. Miisa 10 300 000 raha ny nambaran'ny Ceni ny biletà atonta any ary amin' ny halebeny A5. Tsy misy miova ny laharan'ireo kandida ary hifanao ambony sy ambany ny firafiny ao anaty ny biletà tokana. Hiezaka ny Ceni raha ny nambaran'ny filoha lefiny, Thiery Rakotonarivo, hamoaka ny valim-pifidianana tsy ofisialy avy amin'izy ireo amin'ny faran'ity taona ity, ka izany dia karazana fanomezana sahady avy amin'izy ireo ho an'ny vahoaka Malagasy.

**Andriam**

Fanehoan-kevitra sms : 034 09 187 88 ; 032 11,505 44 ; 033 24 783 65

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## An'hetsiny ireo fianakaviana nopotehin-dRajoelina ny fiainany

Misy olona mitady hanarontsarona zavatra eto ary mihevitra ny hanakona ny zava-nisy nataon-dRajoelina teto amin'ny firenena. Ny lasa tsy fanadino, fa namela takaitra teo amin'ny fiainan'ny Malagasy marobe ny nataon-dRajoelina nanomboka ny taona 2009. Takaitra izay mbola tsy sitrana mandraka ankehitriny. Maro ireo olona, raim-pianakaviana sy renim-pianakaviana no nanana asa nivelomana tsara tamin'izany fotoana izany. Eny tsy lavina tsy tanteraka fa nahavelona tsara kosa. Anisan'izany ireo mpiasa marobe an'alina maro tany amin'ireo orinasa afa-kaba. Maro tamin'ireo mpiasa nanana fianakaviana niasa tamin'ireny orinasa ireny no afaka nanofa trano, na afaka nanorina mihitsy aza ny sasany. Ny hetsika nataon-dRajoelina sy ny forongony tamin'izany anefa, nisiana fandrobana, fanapotehana, fandorana orinasa teto amin'ny firenena nanerana ny Nosy, no nampikatona orinasa afa-kaba maro ary niteraka tsy fananan'asa ho an'ireny mpiasa aman'alina maro ireny. Anisan'ny hambara ao anatin'izany ny orinasa Tiko nanerana ny Nosy ary aman'alina maro ihany koa no very asa, ary nisy fiantraikany ratsy tanteraka tamin'ny fiveloman'ireo fianakaviana niankina tamin'ny orinasa na niara-niasa tamin'ireny orinasa ireny izany. Rajoelina mpandrava fa aoka hazava ny resaka. Fiainam-pianakaviana aman'hetsiny no potika noho ny teti-dratsy fanonganam-panjakana teto tamin'ny taona 2009. Tsy ny fahavitan'ny Lapan'ny tanàna velively no hanasana ny lambany maloto ka hamadihana na hanarontsaronana ny resaka hoe tsy mpandrava izy. Olona firy akory no namoy ny ainy vokatry ny faharavan'ny fivelomany sy ny fahantrany tampoka noho ny hetraketraky ny olom-bitsy manana toe-tsaina tsy te-hahalala afa-tsy handrodana fitondrana hahazoana tombontsoa manokana. Tsy tia tanindrazana izany Rajoelina Andry, fa resabe sy famahan-dalitra vahoaka tsotra izao izany. Ireo vahoaka nopotehiny fiainana ireo tsy namakiany loha nandritra ny tetezamita naharitra dimy taona be izao ary mbola manaporofo izany fa tsy tia tanindrazana izy. Ny fitiavan-tanindrazana dia fijerena izay hahasoa ny olona rehetra tsy ankanavaka, ny mpiray tanindrazana rehetra, fa tsy misy ailika na iray aza. Fa moa tsy nanilika ankolafin'olona Rajoelina Andry nandritra ny naha teo azy teo amin'ny fitondrana nobodoiny ankery? Nisy aza mbola nohazainy natao haza lambo sy nohenjehiny fatratra satria nanohintohina ny fitondrany sy nilaza ny marina. Ny fiainam-pianakaviana aman'hetsiny ireo tsy mbola niarina sy nihatsara hatramin'izao ary mifohafoha volo tokoa amin'ny fiarenana indray. Moa mba nanisy teny na kely akory momba azy ireo ny tenany, eny fa na tao anaty fampielezan-kevitra aza. Midika izany fa ilay Rajoelina mbola tamin'ny taona 2009 ihany io manao fampandriana adrisa amin'ny resaka samihafa io. Resaka toy ny nataony ihany tamin'ny taona 2008, fa mody nasiany zavatra hafa kely fotsiny fanampiny mba tsy ho fanta-bahoaka sy hanakonan'endrika. Mahaiza mifidy ry vahoaka.

**Sôh'son**

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Sylvianne R

## Ny Valosoa sy hadihady

# Fihodinana faharoa : manao tsy omby aloha ireo mpanohana an'i Dada N°25

Andro voalohany amin'ny fampielezan-kevitry ny fihodinana faharoa amin'ny fifidianana izay ho filoham-pirenena amin'ny 19 Desambra 2018 anio. Samy manana izay ho tohanany amin'izy roalahy hifaninana amin'izany ireo kandidà miisa 34 latsaka tamin'ny fihodinana voalohany, ka ao ny nisafidy ny tsy hanohana na iza na iza ary misy ny tsy mbola naneho hevitra. Ny azo lazaina dia, angamba, ireo tsy mbola naneho hevitra dia mandinika sy mamakafaka tsara iza amin'ireo kandidà roa ireo no tena manana vina sy manana finiavana ary toe-panahy hampandroso ity Firenena ity sy hamoaka ny Malagasy avy ao amin'izao fahoriana eo amin'ny lafiny rehetra mianjady amin'ny vahoaka izao. Tsy azo lavina koa anefa fa misy kandidà tsy maty voalavo an-kibo, ka tsy mijery ny zava-misy marina (non objectif) ary baikon'ny fihetsempony sy fankahalàna olona (subjectif) fotsiny ihany noho ny disadisa ara-politika, na ara-pifidianana mihitsy, tany aloha tany. Raha nisy politisiana nifanenjika noho ny tsy fitoviam-pijery ny fiainana ara-politika anefa dia ny Profesora Zafy Albert sy ny kandidà laharana faha-25, Ravalomanana Marc, kanefa nihavana izy mirahalahy mianaka ary ny minisitry asam-panjakana teo aloha, kandidà ihany koa tamin'izao fifidianana filoham-pirenena izao sady mpiaradia amin'ny Pr. Zafy Albert dia efa nanambara fa hampandany ny kandidà Ravalomanana Marc. Raha tsiahivina dia anisan'ireo politisiana teny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey nandritra ny hetsika nentina nanonganam-panjakana notarihan-dRajoelina Andry ny Profesora Zafy Albert tamin'ny 2009. Iaraha- mahatadidy koa fa anisan'ny nanenjika mafy ny fitondrana tetezamita ny Profesora noho ireo trafikana harem-pirenena isan-karazany nisy tamin'izany fotoana izany. Ny faran'ny herinandro teo, naka tsodrano tamin-dRamatoa Thérèse Zafy teny Ivandry koa ny kandidà Marc Ravalomanana. Santatry ny fampihavanam-pirenena izany ary manaporofo ihany koa fa tsy manavakavaka ary miantso ny olompirenena sy politisiana tena tia tanindrazana avy amin'ny lafivalon'ny Nosy ny kandidà laharana faha-25. Raha ny zava-misy hatramin'ny omaly Alatsinainy, indray andro mialohan'ny fampielezan-kevitra, dia nitsipaka ny fanambarana nataon'ny "birao politika MFM" ny filohan Nasionaly, Manandafy Rakotonirina, ka tonga teny amin'ny foiben'ny K25, Bel Air, Ampandrana nihaona tamin'ny kandidà Ravalomanana Marc ary naneho ny fanohanany ity farany amin'izao fihodinana faharoa amin'ny fifidianana izao. Mazava izany izao fa ny senatera MFM notendren'ny filohan'ny Repoblika no nitarika izany fivorian'ny "birao politika MFM" izany. Raha dinihana ny toe-draharaha politika misy ka nirotsaka ho mpifaninana tamin'ny filohan'ny Repoblika IV ny praiminisitra farany, Mahafaly Solonandrasana Olivier, dia tsy maintsy hanohana ny iray amin'ireo kandidà hiatrika ny fihodinana faharoa izy kanefa mazava ho azy fa tsy ho ny kandidà laharana faha-13 velively satria efa nisara-dàlana ireo nandritra ny dimy taona nijoroan'ny Repoblika IV. Voaporofo izany satria nanambara izy fa hanohana ny kandidà laharana faha-25 ihany koa. Dadafara izay minisitry ny Fiompiana tamin'ny fiandohan'ny tetezamita kanefa voatsipaka am-bavafo dia naneho ny heviny omaly fa hanohana ny kandidà Ravalomanana Marc koa. Ankoatra ny kandidà Bezaza Eliana natolotry ny antoko PSD dia nanambara ihany koa ny "Fondation Philibert Tsiranana" tarihan'i Tsiranana Philippe zanaka faralahin'ny Filohan'ny Repoblika I fa dia hanohana an-dRavalomanana Marc koa. Noho ny fivoizan-dRavalomanana Marc ny fitsinjaram-pahefana mifototra amin'ny Fokonolona, angamba, dia hanohana azy koa ny kandidà Rafalimanana Ny Rado izay ny "Vatoeka" izay fototra fampandrosoana eny ifotony novoizin'ny Kolonely Ratsimandrava Richard fony fahavelony no filamatr'ity kandidà ity tamin'ny fihodinana voalohany. Nanaitra ihany izao fanambarana izao satria niaraha- nahita fa nanizingizina foana ary nanentana ny mpifidy izy tsy handatsa-bato ho an'ny mpitondra teo aloha ka nanapotika ny Firenena. Azo inoana fa efa tao antsainy ny mpitondra teo aloha tiany ho lazaina satria araka ny fantatra dia anisan'ny nanohitra ny fitondrana tetezamita sy nitaky ny fiverenana tamin'ny ara-dalàna ny rainy. Raha tsiahivina ny voka-pifidianana ofisialy dia nahazo salan'isa 1,15% izy tamin'ny fihodinana voalohany. Mazava kosa anefa, etsy an-kilany, fa tsy mbola azo heverina izay mety ho setrin'izany fanohanana izany na dia niantso ny rehetra hirotsaka ao amin'ny K25 aza izy. Heverina koa fa tsy fikatsahana seza loatra no nanohanan'ireto politisiana ireto ny kandidà laharana faha-25, fa noho ny faharesen-dahatra marina, fa ity farany ihany no afaka hanavotra ity Firenena ity ary azo lazaina fa lohany amin'ny fampihavanam-pirenena ankehitriny.

***Andry Tsiavalona***

Filohan'ny CENI

## Miantso ny kandidà sy ny mpomba azy tsy hihoapefy



*Ny filohan'ny Ceni, Hery Rakotomanana.*

Manoloana ny fisokafan'ny fampielezan-kevitra anio talata, misy ny fanambarana avy amin' ny filohan'ny CENI, Vaomieram-pirenena misahana ny Fifidianana, Hery Rakotomanana :
Ry vahoaka Malagasy mpifidy,ianareo kandida roa tonta, misokatra anio faha-4 ny volana desambra 2018 ny fampielezan-kevitra manodidina ny fifidianana Filoham-pirenena fihodinana faharoa, ary hifarana ny faha 17-n'ity volana ity ihany amin'ny 12 ora alina. Eo anatrehan' izany dia miangavy ireo kandidà izahay, mba hanaja toy ny anakandriamaso ireo lalàna manan-kery mifehy ny fifidianana. Hanaja ihany koa ny soatoavina maha-Malagasy antsika, dia eo amin'ny fanomezam-bahana ny fifanajana, fa ihany koa ny fanajana ny fahamarinana. Fa indrindra, hampanjaka ny fitoniana, eo amin'ny fiezahana handresy lahatra ireo mpomba, tsy hivarina any amin'ny teny tsy voahevitra na hihoapefy. Isika vahoaka mpifidy kosa, dia hitohy hampiseho fahamatorana hatrany, ka tsy hivarotra ny safidintsika amin'ny vary iray venty, enta-madinika, kasikety na T-shirt. Fa handinika tsara ireo programanasa izay atolotr'ireo kandida. Tsy ny kiantranoantrano na ny tombontsoa manokana no ifotorantsika, fa ny hevi-dehibe sy ny tombontsoa ambonin'ny firenena, ka izay heverintsika fa tena mahavita no safidintsika, fa tsy ny mamirapiratra ivelany. Ndeha àry isika rehetra hitohy hatrany hampiseho eo imason'izao tontolo izao fa vahoaka matotra, miantoka ny ho avin'ny firenena, eo amin'ny fampanjakana ny demokrasia ny Malagasy. Dia hotahian'Andriamanitra avokoa isika mianakavy. Masina ny tanindrazana, hoy hatrany ny filohan'ny CENI.

***Nangonin'Isambilo***

## NY TENY FIAINANA



***Joda 1:25***

*Ho an'Andriamanitra tokana, Mpamonjy antsika, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika anie, ny voninahitra sy ny fahalehibiazana, ny fanjakana sy ny fahefana hatramin'ny taloha indrindra sy ankehitriny ary mandrakizay. Amena.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Tratran'ny mpitandro filaminana ny jiolahy raindahiny Dadaklopaka



**Rija Niaina** : Dadaklopaka rah le anarana loungany de tena tss atao e fa fongory ny eo ambony latabatra satria reny ihany nu eo anelanelan' ireny. Misaotra betsaka ny mpamandry tany de hotahin' Andriamanitra amzay atao.

**Olivier Christian Randrianarison** : ianareo mpitandro ny filaminana no tokony hisava ny passé-port ny olona mivezivezy.

**Dina Jean Desire** : tsar hoaz zay, aripao an f mak ny ts anazy fotsny ireny dahalo ireny, merc tafika.

**Mbola Judore** : henoareo soa saotsy forese tsimaday moly.

**Delquine Manira** : atovy mahita miaraka @ Dahalo ambony latabatra.

**Razafindrakoto Mamy** : zany mihitsy no tokony hataonareo.

**Danze Andriamampita** : misaotra betsaka e... de tohizo atreny ambony latabatra tompoko.

**Zaivo Nirindra** : mahery ny miaramila gasy tsy mila miaramila avy any ivelany, tokony hitohy ny operation fa rehefa lasa ny miaramila dia mety hiverina indray ireo dahalo ary mamaly faty mafy izy ireo amin'izay. Hasio operation foana izany no dikany.

**Loharanombato Fitia** : misaotra anareo... mbola miandry koa ny vaovao tohin' ny fanadihadiana raha sitrakareo tompoko!

**Ronal Di** : zany ny tena miaramila fa ts misotrosotro toaka eny @boite eny fotsiny".

**Lipe Lipe** : ny mampalahelo dia manao ny ainy tsy ho zavatra ny irahana fa ny ambony latabatra dahalo dia tsy misy azo atao fa dia avela Amin'izao.

**Edjisca Jess** : rah anarany lou tena faible iz, satr miklôpadôpaka, mankasitraka ny mpitandro filaminana.

**Jean Emmanuel Razanakoto** : Itony no tafika vrais marc fa tsy ilay teny am CCI Ivato izay zatra mampiesona vahoaka.

## TONONKALO

## Mampiaiky i Tsimbazaza

Ny olona variana miatri-pifidianana,
F'izany ankehitriny , izany no malaza.
Fa any ho any kosa , mikendry izay hihinanana,
Manararaotra farany ny eny Tsimbazaza.

Manapatapa-poana ka dia mahavariana
Fa tampotampoka eo , mandeha ny tsangan-tanana.
Dia gaga ny rehetra , moa ve fanahy iniana ?
Misosa izay aroso , tsy misy fanakanana.

`Zay tombontsoam-bahoaka dia tsorina avy hatrany
Fa tsy jerena akory satria tsy mahamaika.
Mba solombavan`iza ireto be vinany ?
Moa solombavan`olona sa solombavan-goaika ?

... Dia afaka iray volana , angamba ho tena sarotra
Raha ho avy handray ny toerany ilay hoe filoha voafidy.
Moa kolikoly indray , arahina adivarotra
No hameno an`itsy lapa be olona voavidy ?

***DADAN`i ZINA (30-11-18)***



ANTSO HO AN'NY MPIRAY TANINDRAZANA
Laharana 042/18

MALAGASY MANDROSO SY MIOMBONTSOA,
ADIDIKO, ADIDINY, ADIDINAO

Kihon-dalana hamaritra ny hoavin'ny firenena ny fiatrehantsika ny fifidianana, fihodinana faharoa ho avy izao. Dimy taona vaovao hamaranana ny trangan-javatra nampalahelo tamin'ny 2009 ka mandrakankehitriny. Mendrika hoan'ny Malagasy ny hilamina sy handroso.

Ankilany, tsy azo omen-drariny ny fanonganam-pitondrana nisy satria famotehana, fahalovana, fandrobana firenena ny ankamaroan'ny vokatra naterany.

Etsy andaniny, niharihary teo amin'ny tantara fa nisy ireo fihoaram-pefy niteraka disadisa sy alahelo, niafara tamin'ny fitakiana maro sosona tetsy sy teroa, namboly korontana sy tsy filaminana.

Mila olona efa voasedra amin'ny fitiavan-tanindrazana sy azo antoka hanarina an'i Madagasikara anefa ny Malagasy. Mpitondra hiady amin'ny fampisaraham-bazana sy tsy hamadika ho tombontsoan'ny tenany ny fahefana eo ampelantanany, ka hametraka fitondrana henjana kanefa marina. « *Henjana* » ka tsy hilefitra manoloana an'ireo mpandika lalàna na iza na iza sy ny manao kely tsy mba mamindro. « *Marina* » satria mandray ny heriny avy amin'ny vahoaka, hampanaja hatrany ny rariny sy ny hitsiny.

Noho izany, mba hifantohana tanteraka amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara sy ny Malagasy, ny **Roso ho amin'ny Demokrasia Sosialy** (RDS) dia :

(i) mampahatsiahy fa zo sy adidy ary fametrahana fahefana mankajavahoaka ny fandehanana mandatsa-bato sy maneho ny safidy amin'ny faha-19 desambra izao,

(ii) mandray ho andraikitra masina ny fanentanana ny Malagasy handeha hifidy,

(iii) mihevitra fa « aleo matoky tapany, toy izay mangovitra erany », ka mitaona ny Malagasy hisafidy tsy ampisalasalana sy ampasahiana ny **Kandida Ravalomanana Marc**, satria ny heviny sy ny fandaharan'asany no mety hampandroso kokoa ny firenena,

(iv) mijoro kosa, na ahoana na ahoana, hanamara-maso ny fomba fitondrana, hiadiana amin'ny didiko fe lehibe, ny fitondrana tsy refesi-mandidy. Ho sarotiny amin'ny fametrahana ny fitondrana tsara tantana sy tan-dalàna, fampiainana ny « rariny sy ny hitsiny », fanomezan-danja ny fampandrosoana eny ifotony, fisian'ny adihevitra ara-tsosialy, hitandrovana ny filaminana sy ny fitoniana ara-tsosialy,

(v) miantso ny fiarahamonimpirenena, ny antoko politika, ny fikambanana samihafa sy ny olom-pirenena tsy ankanavaka, hanatevin-daharana azy ho fametrahana ny « fifandanjan-kery » marina sy tsy mitanila : mamporisika sy manohana ny fitondrana raha misy asa tsara ho tombontsoan'ny maro, mitsikera sy manitsy raha misy fanararaotam-pahefana mety haningotra ny filaminana sy ny lamim-piaraha-monina mirindra.

Tsy hiraviravy tanana ny Roso ho amin'ny Demokrasia Sosialy (RDS), hijoro mandrakariva mba hampandroso ny fiainam-bahoaka. Tsy ho taitran'ny "mena miraviravy" fa hamelona hatrany ny fanantenany ho amin'ny fisitrahan'ny Malagasy rehetra ny zony.

Antananarivo, 03 Desambra 2018
Rakoto Andrianirina Fetison

renouveau pour la démocratie sociale - www.rds.mg

Roso ho amin'ny Demokrasia Sosialy – Renouveau pour la Démocratie Sociale

"Fandrosoana sy fampandrosoana mandala sy mitsinjo ny maha-olona"
"L'humanisme au service du développement et du progrès social de Madagascar"




FANAMBARANA

Ry Vahoaka Malagasy, amim-pitoniana tanteraka no iarahabako anao amin'ity anio ity, handraisako anjara biriky eo amin'izao kihon-dalana goavana lalovantsika izao, dia ny fanapahan-kevitra tsy maintsy ho raisina iatrehana ny fifidianana fihodinana faharoa.

Ny Famerenana ireo Nosy manodidina « Iles Eparses » sy ireo tanin-janaka namidin'ny mpitondra amin'ny vahiny, ary ny Harem-pirenena tsy hita pesipesenina robaina andro aman'alina no ijoroako, ary mbola inty aho anio milaza aminao fa tsy hanaiky izany hatramin'ny farany fa fananantsika ireo, ka mila averina amintsika malagasy.

Izao no fotoana voatendrin-Janahary ahavitantsika an'izany, mba tsy itohizan'ny asaratsin'ireo Mpandroba sy Mpandrava, sy iverenan'ny tsy fandriam-pahalemana mitotongana sy miharatsy hatrany.

Noho ny antson'ny ràn'ny fitiavan-tanindrazana, ho fampihavànana sy fampiraisana, ary ho fametrahana ny tany tàn-dalàna eto amin'ny firenena, dia nanapa-kevitra ny tenako JAMES Ratsima, Filoha Nasionalin'ny Mandan'ny Tia Tanindrazana Malagasy, fa hanohana ny Kandida Marc RAVALOMANANA ary hanatevin-daharana ny CO25 tarihin'i Fanirisoa Herinaivo,

Mitaona anao aho, ianareo Tia Tanindrazana rehetra, aza misalasala fa tsy hanolo-bato mafana anao ny Mandan'ny Tia Tanindrazana tarihiko, fa mahay manavaka ny vary sy ny tsimparifary.

Masina ny Tanin-janaka.

Antananarivo, faha 02 Desambra 2018

JAMES Ratsima
Filoha Nasionalin'ny Mandan'ny Tia Tanindrazana



## I Korintiana 11: 27

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 90), 02 desambra 2018

***I Korintiana 11: 27 "Koa na zovy an zovy no mihinana ny mofo sy misotro amin'ny kapoakan'i Jesosy amin'ny fanahy tsy mendrika, dia ho meloka ny amin'ny tena sy ny ran'i Jesosy izy"***

Ho anareo rehetra manaraka izao FANAMBARANA sy FAMPIANARANA izao, henoy tsara! Aoka izay nandalo ireo dingan'ny BATISA no mifindra ao amin'ny FANASAN'I JESOSY, izay no lalana marina sy tokony arahina ary aoka tsy ho diso. Ny fibebahana dia midika hoe : afaka tamin'ny fahotana sy heloka ary dia mifona ao amin'i JESOSY fa tsy hamerina izany intsony. Ny tsy mahatafaverina anareo amin'ny fahotana dia ny nanaovana fibebahana marina. Izany hoe : tsy misy nafenina fa notsorina teo anatrehan'i JESOSY avokoa. Ohabolana 28: 13 "*Izay manafina ny fahotany tsy hambinina; Fa izay mitsotra ka mahafoy azy no hahazo famindram-po*". Ny antony namindrana fo anareo sy namelan'i JESOSY ny helokareo dia ny mba hanomezana ny Fanahy Masina hitahiry anareo, mihazona mba tsy hanotanareo intsony, ny Fanahy Masina mantsy tsy tia loto sy fahotana ary heloka. Dikany? Fahotana = olona iray no manao azy fa ny Heloka kosa dia mihoatra izany 2, 3, 4.... mpinamana, mpivady, mpiray tampo, mpihavana, mpianakavy, mpiray tanàna ary mety ho firenena iray manontolo mihitsy. Hebreo 6: 4-6 "*Fa izay efa nohazavaina indray mandeha sady efa nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra sy efa nandray ny Fanahy Masina ary efa nanandrana ny teny tsaran'Andriamanitra sy ny herin'ny fiainana ho avy, nefa nihemotra, dia tsy azo havaozina indray ho amin'ny fibebahana, satria manombo ny Zanak'Andriamanitra indray amin'ny hazo fijaliana ka manao Azy ho fahamenarana.*". Izany hoe tsy kilalao ny fibebahana ka androany hianareo mitsotra fa tsy hanota intsony, fa rehefa tsy vita Batisan'ny Fanahy Masina ianao dia tafalatsaka manota indray. Ny zava-doza dia ity : tsy andrakandrana ny fibebahana fa fandraisana fanapahan-kevitra hanompo an'i JESOSY. Ny fiafaran'ny mpanao kitoatoa ny fiainam-panahiny? Izany dia midika fihemorana ka tsy azo havaozina intsony. Noho izany! Aoka handroso amin'ny fahalalana ny marina. Tandremo tsara fa ny atao hoe : misotro amin'ny fanahy tsy mendrika dia ho an'izay diso fihevitra toy izao tsy izay tianareo atao no atao ka hoy hianareo tsy handray Fanasana aho androany fa tafalatsaka manota. TSIA! TSIA! Izay efa mibebaka tsy manota intsony ka na fotoana inona na andro inona iraisanareo latabatra, fa niara-mihinana ny mofo izay tandindon'ny Tenan'i JESOSY hianareo sy misotro ranom-boaloboka ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fihaviany indray, aza misy hadino ireo. Ho meloka tokoa izay mandika izany ho fampianarana hafa. ***Andininy 28*** "*Fa aoka ny olona hamantatra ny tenany, dia aoka izy hihinana ny mofo sy hisotro amin'ny kapoaka*". Diniho tsara aloha ny fiainanao tamin'ireo dingana dimy voalaza vao mihinana ny mofo sy misotro ny ranom-boaloboka fa izany no tena takiana fa FAHAMARINANA aza ovaina na odian-tsy raisina sy tsy ekena. ***Andininy 29*** "*Fa izay rehetra mihinana sy misotro dia mihinana sy misotro fanamelohana ho an'ny tenany, raha tsy mamantatra ny tena izy.*" Fantaro tsara mihitsy ny momba ny fanahinao mba tsy ho fanamelohana ho anao ny Fanasan'i JESOSY anao. ***Andininy 30*** "*Noho izany dia betsaka no marary sy marofy eo aminareo, ary maro ihany no efa nodi-mandry*". Arak'ireo voasoratra sy voalaza ireo dia betsaka no misy sakana ny fiainany, lazoin'aretina, tsy lasa lavitra amin'izay atao, matetika dia kivy, mamoifo, malahelo lava, kizikizitina, tsy manam-pifaliana, sns... Toy izany ny zava-misy rehefa tsy nandalo ireo dingan'ny Batisa. Indro betsaka tamin'ireo efa maty no tsy mandalo Batisa akory, indrisy mampalahelo ireny. Andininy 31 "*Fa raha mba mamantatra ny tenantsika isika, dia tsy mba hotsaraina.*". Raha mba fantatry ny maro mantsy izany tsy mampatahotra azy akory ny fitsarana. ***Andininy 32*** "*Fa raha tsaraina isika, dia faizan'ny Tompo mba tsy hohelohina miaraka amin'izao tontolo izao.*" Raha fahamarinana no andehanananareo dia tsy voaheloka toa an'izao tontolo izao hianareo. ***Andininy 33*** "*Koa raha miangona hihinana ianareo, ry rahalahy, dia mifampiandrasa.*" Koa raha tafangona hiatrika ny FANASANA hianareo dia ampiraiso ny feonareo, ny teninareo, ny fanahinareo, ny fanomponareo ary ny fifankatiavanareo. ***Andininy 34*** "*Ary raha misy olona noana, aoka izy hihinana ao an-tranony, mba tsy hiangonanareo ho fahamelohana. Ary ny zavatra sisa dia halahatro, rehefa tonga aho.*"Aza miangona mitady fanamelohana na hoy hianareo hoe noana izahay na koa hoe lalàm-piangonana izany fa DIDIN'NY LANITRA ho tanterahan'izay monina rehetra amin'ny tany. Ireo rehetra ireo no nahatonga an'i JESOSY hoe : izao no ataovy ho FAHATSAIAROVANA AHY. Ho anao manokana : mibebaha ianao mba hamelan'i JESOSY ny helokao sy ny fahotanao ary aoka hatao BATISA amin'ny Anarany ianao dia homeny anao ny Fanahy Masina mba ho fanomezana anao hampiavaka anao. Raha tianao ny tsy havitan'i losifera ny programany eo aminao : aza hadino ny dingana dimy ary aza andrakandramana ny FANASAN'I JESOSY no sangisangiana sy atao kitoatoa. Ny Batisan'ny Rano dia any amin'ny renirano, ny Batisan'ny Fanahy Masina dia Teny tsy fantatra ifampiresahanao AMIKO JEHOVAH ary iantsoan'i JESOSY anao rehefa hampakatra anao aty IZY. Averiko ihany ny fanontaniana: afaka mibebaka ny mitsotra ary miaiky fahotana ve ny zaza 2 volana, 3 volana, 8 volana sns...TSIA! TSIA! Tso-drano ny an'ireny mba ho arovan'i JESOSY izy ary tezao ao amin'ny fiangonana fa ho avy ny faha- 12 taonany idirany ao amin'i Batisa. Misaotra anao naharitra nihaino AHY sy ny FAMPIANARAKO JEHOVAH : ny Heriko anie ho aminao, ny Teniko anie no fiainanao ary aoka ny FANAHIKO hanapaka anao dia hiseho aminao ny VONINAHITRO lehibe sy mahagaga.

Mbola hitohy

Amen! Haleloia!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail: jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## TAFATAFA

## Raniry any Mahajanga

# Milaza ireo lesoka tokony harenina ho an'ny kandidà N°25

***Fanehoan-kevitr'i Raniry, mpanoratra sy mpanakanto any Mahajanga indray no Tafatafa eto amin'ny gazetinao androany.***

Nivoaka iny ny voka-pifidianana ôfisialy hoy izy. Araka ny efa nanampoizana azy dia hiroso amin'ny fihodinana faharoa isika rehetra. Izay no Sitrapon'Andriamanitra, ka isaorantsika Azy eram-po, erantsaina izany. Samy manaiky sy miaiky isika rehetra fa izay tena mahasoa ny firenena no ndeha hirosoana koa samia àry misikim-ponitra hanonitra ny tsy nety rehetra tamin'iny fihodinana voalohany iny, ka ho vonona hanarina amin-kitsimpo tokoa fa soa lavo, hoy ny Razantsika, hahay hamindra; soa ho kenda hahay hitsako. Inoana fa efa samy nahavita jery todika avokoa ny faritra rehetra manerana ny Nosy mahakasika an'iny fihodinana voalohany iny. Tsara ihany ny hampitoviana ny fomba fijery miaraka mba hahazoana fandresena mazava. Azo inoana ihany koa fa nitovitovy avokoa ny lesoka rehetra nanerana an'i Madagasikara, ka tsara ihany ny hanarenana azy miaraka mba ho azo antoka ny fandresena amin'ny fihodinana faharoa.

Voalohany, fantatra izao fa mbola mivangongo any amin'ireny biraom-pokontany ireny ny kara-pifidianan'ireo tsy tonga nifidy tamin'ny fihodinana voalohany. Adidin'ny fanjakana, ny fokontany, adidintsika rehetra ny manentana an'ireny olona tsy tonga nifidy ireny mba haka ny kara-pifidianany dieny izao any amin'ny biraom-pokontany. Tokony hisahirana mihitsy isika hanampy ny fokontany amin'ny fizaràna isam-batan'olona ireny kara-pifidianana tsy nisy mpaka ireny. Anjarantsika ihany koa ny manentana ny olona mba hifidy fa adidy masina eto amin'ny tanindrazana izany. Betsaka ny olona leo pôlitika sy leo ny hafitsok'ireo mpilalao pôlitika ka tofoka sy boboka tanteraka, tsy te-hifidy izany. Adidintsika ny manarina an'ireny olona ireny mba hahatonga azy hitraka ka hiatrika ny adidiny.

Faharoa, rehefa natao ny jery todika dia tsapa fa tena maro dia maro tokoa ireo faritra tsy nisiana fampielezan-kevitra akory tamin'iny fihodinana voalohany iny. Ohatra amin'izany ny taty amin'ny faritr'i Mahajanga, dia tao : Mitsinjo, Soalala, Besalampy, Morafenobe, Ambatomainty, Antsalova, Tambohorano, ny faritr'i Mahajanga faharoa rehetra sy ny faritra maro manerana ny Nosy. Mampahonena fa tena mbola maro dia maro tokoa ireo Malagasy any amin'ny faritra lavitra Andriana sy ambany ravin'ahitra any no tsy nahalala akory, fa nirotsaka hofidiana ny filoha Marc Ravalomanana fa zavatra hafa no nabosesika tao an-tsainy. Miaraka amin'izay ihany koa dia tena lesoka goavambe tokoa ny teo amin'ny "délégués de vote". Maro dia maro ny faritra tsy nahitana an'izany, eny, hatreto an-tampon-tanànan'i Mahajanga aza dia nisy biraom-pifidianana 21 be izao tsy nahitana solontenan'ny kandidà na " délégués de vote". Tena mila harenina haingana io toe-javatra iray goavambe io raha tiana tokoa ny hahomby amin'ny fihodinana faharoa. Tsy vitan'ny hasiana " délégués de vote" fotsiny, fa tena fantenana tsara sy omena fiofanana matotra tsara izy ireo, satria miankina tanteraka amin'ny fitanana an-tsoratra hataony no hampanankery na tsia ny voka-pifidianana tao amin'ny biraom-pifidianana nisy azy. Izy ihany koa no misolo tena ny kandidà manara-maso ny fifidianana sy ny tsy fetezan-javatra rehetra. Tsy azo adinoina fa ny olona izay manana karapifidianana na voasoratra ao anaty lisipifidianana tao amin'ilay biraom-pifidianana nahitana lesoka na tsy fetezan-javatra ihany no afaka mametraka fitoriana raha tiana hanan-kery ilay fitoriana na fitarainana hatao. Mbola miaraka amin'izay ihany koa ny tsy maintsy hisiana solontena any amin'ireo "SRMV" manerana ny Distrika 119 manerana ny Nosy, fa ny fitanana an-tsoratra mivoaka any amin'ireny "SRMV" ireny ihany no manana lenta "originale". Tena zavatra goavana ireo ka tsy tokony hatao ambanin-javatra mihitsy raha tiana ny hahomby marina tokoa amin'ity fihodinana faharoa ity.

Fahatelo, tena mbola ny ampahafolon'ny hery tokony ho nampiasaintsika no nivoaka tamin'iny fihodinana voalohany iny. Tokony hihamafy kokoa amin'izay ny vaikan'ny fanentanana hatao ka hampiasaina daholo izay fitaovam-pifandraisana rehetra azo hampiasaina: mpanentana, mpanakanto, Radio, télévision, Facebook, Twitter, gazety, affiches, panneaux, flyers, banderoles, t-shirt sns... Tsy maintsy mampitombo hery avo telo heny isika farafahakeliny mba hirosoana amin'izay fandresena mazava izay.

Fahaefatra, efa io no lisi-pifidianana misy, ka io aloha no tsy maintsy hiainana amin'ny fihodinana faharoa. Marina fa betsaka tokoa ny olona tsy tafiditra ao ka tsy afaka mifidy, eo koa ny lesoka maro izay hita sy tsikaritra amin'ity lisi-pifidianana ity, saingy tsy atao mahakivy izany fa atao masontsokina masom-boalavo, ka izay kely hananana no ahiratra. Aza lany andro mitsikera isika fa izay hizorana hahazoana fandresena amin'ny fihodinana faharoa no ndeha imasoana sy atrehina. Manàna "Esprit de défit" na toetsaina vonona ho mpandresy hatrany fa zanaky ny Mpandresy isika; efa nandresy hatry ny ela ny Tompo izay Tompointsika mianakavy isan'andro vaky.

Betsaka ny lesoka azo harenina fa ny hamaranana azy dia mila miray hina tsara isika rehetra manerana ny Nosy raha tiana ny hivoaka ho mpandresy hampandresena ny kandidà Marc Ravalomanana N°25. Fadina sy tena halavirina im-pito mandifitr'olona ny toe-tsaina mitory fisaratsarahana fa ny firaisan-kina ihany no hery. Mila manana toe-tsaina mivelatra, tia mifandray sy miara-miasa amin'olon-kafa isika na inona na inona firehany, antoko misy azy, saranga, sokajy, finoana, fari-pahaizana sns... Malagasy iray isika, firenena iombonana no havotana ka tsy tokony hikatona sy hanana fomba fijery mihidy fa tsy maintsy sokafana ho an'ny olon-drehetra izany. Ny tonga miaraka fanombohana fa ny miasa miaraka no fahombiazana.

Farany, tsy maintsy hanontaniana ary ilam-baliny mazava amin'ny HCC dieny izao ny hoe : "Inona avy no tokony hatao mba hampanan-kery ny fitoriana?". Tsy maintsy miomana dieny izao isika rehetra satria tsy hisy intsony ny fihodinana fahatelo fa tsotsorimamba hisarahana io fihodinana faharoa sady farany io. Aza adinoina fa tafalatsaka tanteraka ao anaty fotoampahavaratra sy ao anatin'ny fankalazana ny Noely ny fihodinana faharoa ka mila mijoro matanjaka tsara isika handresy lahatra ny olona rehetra. MANDRESY ISIKA RAHA TAPA-KEVITRA NY HO MPANDRESY!

***Nangonin'Isambilo***

CUA

## Nanamboatra dabam-pako vaovao amin'ny toerana be fako

Ho fehezina ny fako eny amin'ireo toerana fanariam-pako mba tsy hiparitaka. Nametraka fotodrafitrasa maharitra ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), nanorenana toerana manokana « BAC BE » avokoa ireo toerana voatsokajy ho mainty izay ivangongoan'ny fako betsaka manerana ny boriboritany enina eto Antananarivo renivohitra, ka isan'izany ny tao amin'ny boriboritany faha -5. Natao ihany koa izao ho fanoloana ireo bac efa tranainy izay tsy nisy nanolo am-polo taona. Tafiditra tanteraka amin'ny ezaka fanadiovana ny tanàna ao anatin'ny fotoana fohy nomen'ny ben'ny tanànan' Antananarivo, Lalao Ravalomanana sy ny mpanolotsaina manokan'ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo, Marc Ravalomanana izany araka ny fanazavan'ny talen'ny fampandrosoana ny tanàna ao amin'ny CUA, Andriamatoa Razafitsinioharana Edison. Aoka koa hoy izy tsy hatao fitaovana paolitika ny fako, ka atao sorona ny vahoakan'Antananarivo. Manamaivana ny asan' ireo mpanadio fako eny amorondalana ny fisian'izao fotodrafitrasa izao. Mbola manentana hatrany ny tomponadraikitra ny anarahan'ny tsirairay ny ora fanariana fako eny amin' ireo toerana voatokana anaovana izany dia ny amin' ny 5 ora hariva ka hatramin'ny 8 ora alina. Nentaniny hatrany koa ireo mpivarotra mba samy hanadio ny toerana ivarotany, ary tsy hanaparitaka ny fakony.

***Aly***

Boriboritany faha-5 (CUA)

## Nizarana aron' akanjo ho an'ireo mpanadio tanàna

Araka ny fampanantenan'ny mpanolotsaina manokan'ny Ben'ny tanàna Andriamatoa Marc Ravalomanana ny herinandro teo, dia nisy ny fanomezana aron'akanjo ho an'ireo mpamafa lalana ny 01 Desambra 2018 tao amin'ny Boriboritany faha-5 Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Miisa 22 ireo aron'akanjo nozaraina. Ary natao izao mba ho famporisihana azy ireo hazoto amin'ny fanadiovana ny asany amin'ny fanadiovana ny tanàna. Tanjona hatrany ny hitandroana ny fahadiovan'ny tanàna, ka mila fifanomezan-tanana avy amin'ny rehetra na dia efa manao ezaka aza ireo mpanadio ny tanàna. Ny fahadiovan'ny renivohitra dia anjarantsika rehetra. Nahazo aron'akanjo toy izao koa ny mpanadio tanàna amin'ireo Boriboritany 5 hafa eto an-drenivohitra.



*Ireo mpiasan'ny CUA nahazo ireo aron'akanjo avy amin'ny CUA.*

***Aly***

Fanajana fitsipika fanariana fako

## Olona miisa 151 no hiandry ireo bakan-jaoridira

Ho fandrindrana sy ho fitandroana ny fahadiovana tsy hiparitahan'ny loto manodidina ny dabam-bako eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), olona miisa 151 aloha no natokan'ny CUA hanao asa, hiandry ireo dabampako iombonana amin' ireo toerana maro hita fa nisian'ny tsy fanarahandalàna teo aloha. Ankoatra ireo olona hiandry ny bakan-jaoridira, hisy ihany koa ireo Polisy Monisipalin'ny kaominina hivezivezy amin'ny moto hanara-maso izay fanarahana ny fitsipika na discipline izay, amin' ireny toeram-panariampako iombonana ireny. Ho fanavaozana ny bakam-pako sasany, nanamboatra baka be na "parc à boeuf" koa ny kaominina hanatobiana ny zaoridira, hita izany amin'izao fotoana any amin'ny fokontany Ivandry, Analamahitsy, ary Alarobia. Tsiahivina hatrany ho fandrindrana ny fanalan'ny Samva, izay omen'ny kaominina tolotanana, amin'ny fanalana ny fako amin'ny alina amin'ireny bakanjaoridira ireny, ny ora fanariam-pako eto andrenivohitra dia amin'ny 5 ora hariva ka hatramin'ny 8 ora alina ihany, ka ireo olona miisa 151 sy ireo Polisy Monisipaly no manara-maso ny fanarahan'ny tsirairay izany ora sy fepetra izany.

***Aly***

Fort Dauphin

## Mahazo vahana ny otrikaretina VIH/Sida

153, io no isan' ireo olona mitondra ny tsimok'aretina VIH/SID ao Fort Dauphin. Niakatra ho 2 avo heny io tarehi - marika io raha ampitahaina ny tamin'ny taon-dasa. Fantatra izany nandritra ny fesadresaka nifanaovana tamin'ny Dr Roland Rakotoarisoa , médecin référant ao amin' ny CHRR Faradofay. Anisan'ny antony mahatonga io tarehi-marika io hiakatra, noho ny tsy fisian'ny hetsi-panentanana. Misy ireo minia manaparitaka ny aretina. Fihetsika helohin'ny lalàna. Mbola antony iray mampiakatra io tarehi-marina io, noho i Fort Dauphin, tanànan'ny mpizahatany. Betsaka no mitondra faisana noho ny afitsok'ireo mpizahatany vahiny. Entanina ny rehetra mba samy hitandrina hatrany sy handray andraikitra.

***Mangarahara***

**SARIITATRA:** Ity no mety amiko sady azo raisina tena hampandroso




Kitra – Can 2019

## Tsy ho tanterahina any Kameronina indray

Toy ny nilatsaham-baratra ny mpitondra sy ny vahoaka kamerone indrindra ny mpankafy baolina kitra raha nandre, fa noesorina tamin'ny Kamerona ny fampiantranoana ny dingan'ny famaranan'ny lalao baolina kitra Can 2019. Araka izany , samy naneho ny alahelony ny vahoaka ary nisy mihitsy naneho ny fahatezarana manoloana izao fanapahan-kevitra izao. Raha ny fantatra, ny antony nandraisan'ny Caf na ny Kaonfederasiona afrikanina ny baolina kitra izao fanapahan-kevitra izao dia taorian'ny fitsidihana nataon'ny delegasion'ny Caf tany an-toerana, ka nahitana ny fitarazohan'ny asa fanamboarana ny kianja. Satria andiany voalohany amin'ny Can hilalaovan'ny ekipa miisa 24 ity hatao amin'ny taona ho avy ity, raha ny marimarina kokoa ny 15 jona 2019 ka hatramin'ny 13 jolay 2019, fa tsy ekipa 16 toy ny mahazatra hatramin'izay dia izay no antony nandraisan'ny Caf izao fanapahan-kevitra namindra ny toerana izao. Araka izany, nanao antso maika ny Caf ho an'ireo firenena afrikana vonona hampiantrano ny lalao. Hatreto, i Maraoka sy Afrika Atsimo no tsara toerana handray ny lalao noho izy ireo efa manana fotodrafitrasa amin'izany. I Afrika Atsimo, tsara marihana fa efa nandray ny Mondial 2010, noho izany afaka tsara mampiantrano ity lalao ity.

***Andriam***

Skoto katolika

## Niova ny filoha nasionaly

Notanterahina nandritra ny hadimiana tao Analabe-Ambositra ny Fivoriambe ara-potoana teo anivon'ny Skoto katolika, Antilin'i Madagasikara, izay nifarana ny alahady teo. Diosezy niisa 20 amin'ireo Diosezy 22 manerana an'i Madagasikara no nahatonga solontena, izay nahatratra 300 mianadahy ireo filoha mandrafitra ity fivoriambe ity. Toy ny fikambanana rehetra dia ny fanitsiana ny sata mifehy ny fikambanana sy ny fijerena ireo fanatsarana samihafa no tanjona tamin'ity fihaonana ity, ka isan'izany ny fandaminana ny fitantanana. Tafiditra tamin'ity fihaonana ity ihany koa no fanendrena indray ny filoha lombonana hitantana ny fikambanana, saingy nohon'ny fangatahan'ny fivondronamben'ny Eveka dia hahemotra amin'ny fivoriambe manaraka indray izany, saingy nisy kosa ny fanendrena mpitantana vonjimaika hitantana ny fikambanana mandra-pahatonga io fivoriam-be io, dia i Sefo Jaonarana Eric indray izany, no nandimby an'i Sefo Manakajaina Agatino. Raha tsiahivina dia nandalo fotoan-tsarotra ity fikambanana skoto katolika ity, teo amin'ny lafiny fitantanana ka mbola tafiditra ao anatin'ny fanarenana izany ireo mpitantana. Nitondra fanazavana tamin'izao nahavoatendry azy izao ny Filoha lombonana vaovaon'ny Antilin'i Madagasikara, Sefo Jaonarana Eric ka nambarany fa ny Antilin'i Madagasikara manerana an'i Madagasikara no tompon'antoka amin'ny fanarenana ny Antily ary efa nivonona ny amin'izany izy ireo nandritra ity Fivoriambe ity. Nambarany tamin'izany fa ao ny ezaka amin'ny fampandrosoana bebe kokoa ny lafiny fanabeazana ahafantarana ny skoto katolika, ny fanofanana ireo tompon'andraikitra mba hahafehy ny fanabeazana izay, ary ny fanotana boky ho vatsy ho an'ireo tompon'andraikitra. Haharitra roa taona ity fitantanana vonjimaika ity, ka ny fanomanana ny fifidianana ho filoha lombonana no isan'ny asa miandry azy sy ireo ekipa hotendreny hiara-hiasa aminy. Nandritra ity fotoana ity ihany koa no nanolorana ireo mpanolotsaina nasionaly iray isaky ny Diosezy, mandrafitra ny fitantanana ny Antilin'i Madagasikara.

***Solohdery***



*Ny famindram-pahefana teo amin'ny fitantanana ny skoto katolika.*

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ireo sokajin'olona maro samihafa tonga hanohana ny kandida N°25 Marc Ravalomanana.













Ny Kandida Marc Ravalomanana, N° 25, nihaona tamin'ny mpandraharaha mivondrona ao amin'ny GEM tetsy amin'ny Hotel Carlton omaly.



